Tena marina fa i Tompo Allah dia niteny hoe: Izay mandray sakaizako (Olona Mpino matahotra an'i Tompo Allah) ho fahavalony, dia efa mampilaza ady Aminy Aho. Tsy misy zavatra ataon'ny mpanompoko anakaikezana Ahy tiako mihoatra ny fanaovany an'izay nandidiako Azy

Tatitra azo avy amin'i Abo Horaira (R.A) Niteny fa i Mpaminany (Ş.W.A) manao hoe : Tena marina fa i Tompo Allah dia niteny hoe: Izay mandray sakaizako (Olona Mpino matahotra an'i Tompo Allah) ho fahavalony, dia efa mampilaza ady Aminy Aho. Tsy misy zavatra ataon'ny mpanompoko anakaikezana Ahy tiako mihoatra ny fanaovany an'izay nandidiako Azy . Ary tsy mitsahatra manakaiky Ahy amin'ny alalan'ireo famenon'asa hatrany ny mpanompoko (aorian'ny fanatanterahany ireo zavatra nandidiako Azy) hany ka lasa tiako Izy. Ka rehefa mankatia Azy Aho, dia Izaho no hiahy ny sofiny izay andrenesany, ny masony izay ahitany, ny tanany izay anamborany, ary ny tongony izay andehanany. Raha mangataka Amiko Izy dia homeko, ary raha mangata-piarovana Amiko Izy dia harovako.

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari]

Nitatitra ny fanambarana i Mpaminany (S.A.W) ao amin'ny Hadith Masina fa hoy i Tompo Allah Ilay Avo Tsitoha hoe : Izay manisy ratsy, na mahatezitra, na mankahala ny iray amin'ireo namako, dia efa nolazaiko Taminy ny fandrafiana Ahy. Ny woali dia : Ny Mpino matahotra. Ny anjaran'ny mpanompo amin'ny fiahian'i Tompo Allah dia mifanaraka amin'ny havon'ny finoana sy ny fitiavam-bavaka izay ananany. Tsy misy zavatra mampanakaiky kokoa ny silamo amin'ny Tompony izay tian'Tompo Allah mihoatra noho ny fankatoavana tsy maintsy atao sy ny fialana amin'ny zavatra voarara. Ny silamo dia manohy manatona akaiky kokoa ny Tompony amin'ny alàlan'ny fanompoam-pivavahana an-tsitrapo miaraka amin'ireo asa tsy maintsy atao mandra-pahazoany ny fitiavan'i Tompo Allah. Rehefa tia Azy i Tompo Allah dia hitari-dalana Azy amin’ireto lafiny efatra ireto i Tompo Allah : Tarihiny ny fihenony, ka izay ankasitrahan’i Tompo Allah ihany no henony, Tarihiny ny amin'ny fijeriny, ka izay tian’i Tompo Allah sy ankasitrahany ihany no jereny. Arovany ny tanany, ka tsy manao na inona na inona amin’ny tanany Izy afa-tsy izay sitrakan’i Tompo Allah. Arovany ny tongony, ka izay ankasitrahan’i Tompo Allah ihany no alehany, ary ny soa ihany no tadiaviny. Eo anilan'izany koa, raha mangataka zavatra amin’i Tompo Allah Izy, dia homen’i Tompo Allah izay nangatahiny, ary hamaly ny antsony Izy, ary raha mitady fialofana amin’i Tompo Allah Izy, dia hiaro Azy amin’izay rehetra atahorany i Tompo Allah.

